Ny Valosoa sy Fakafaka
Mibaribary fa efa vita mialoha ny fifidianana 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 24 janoary 2019 Laharana 865 Vidiny : 400 Ar


Raharaham-pirenena 2
## Governora sy ny vary mora


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Nihotsahan'ny tany teny Tsimialonjafy 2

# Nalevina omaly izy 3 mianaka



INFP Mahamasina 5

# Nampahery ireo traboina ny CUA



CUA 6
## Hitohy ny fanalana mpivarotra amoron-dalana



Tsy fandriampahalemana 6
## Omby 115 lasan'ny dahalo, niampy takalon'aina 3 mianaka

Petite Vitesse sy Antaninarenina 5
## Nandamina ireo mpivarotra amoron-dalana ny CUA

Dis-TIM Antsirabe 2
## Fambolen-kazo ho fifampiarahabana tratry ny taona

Daka kely
Mivavaha ihany ry Boaikely fa miseho daholo ity ny loza a !

Gasycam any Cameroun 5
## Niara-niombom-bavaka ho an'ny tanindrazana



RAHARAHAM-PIRENENA

# Governora sy ny vary mora

Zava-baovao nambaran'ny filoha Andry Rajoelina ny hametrahana Governora 23 ho solon'ny Lehiben' ny Faritra 22 hisahana ny asa maika manakaiky ny vahoaka toy ny fanamboaran-dalana, ny fanorenana foto-drafitr' asa, lalana, sekoly, tobim-pahasalamana ,indrindra indrindra ny sakafo hohanina, sns … ireo no voalaza fa anjara andraikitr'ireo Governora ireo.Rafitra nolovaina tamin'ny mpanjana-tany anefa izany Governora izany ary isan'ny tsy refesi-mandidy teo am-panapahana raha ny fitadidian'ireo Ray amandreny Zokiolona tamin' izany fotoana izany.Tsy ny fanovana anarana na fampitomboana isa ireo vondrom-bahoaka-paritra no zava-dehibe fa ny vokatra mipaka any ami'n'ny tena fiainam-bahoaka isam-baravarana sy any anaty vilanin'ny vahoaka tsy mandady harona no tena ilaina. Raha ny fanampiana iray ny faritra tantanin'ny Governora indray dia toa fakana ny fon'ny faritra sy fanambatambazana fotsiny ihany satria nahazoana vato betsaka nandritra ny fifidianana. Dia isika no mahita fa efa be ireo mpanao politika nitady seza sy vato izay fa rehefa azo ny toerany dia tavela eo ilay faritra nampanantenaina paradisa.Nalaza koa ny Hopitaly manara-penitra fa na ny fitaovam-pitsaboana tao anatiny aza nafindrafidra toerana rehefa hisy mpitondra hitsidika.Nahoraka koa ny menaka mora sy ny vary mora fa toa nalaza tsy hinanana toa vilian-tsahona .Nandalo fotoana fohy fotsiny fa tsy naharitra antaonany akory. Izao niverina indray ny resaka vary mora ka asa raha ho mora vidy mandritra ny 5 taona koa. Azo andrefesana ny hafainganampandehan'ny fitondrana TGV ny niainan'ny vahoaka nandritra ny Tetezamiitatra teo ary raha ny fahitana ireo fampanantenana maro miavosa ao anatin'ny Vina IEM io dia maha kely finoana ihany ny ahavitan-dRajoelina ireo nofinofy ampandriana rehetra ireo.Mbola baraingo ihany koa hatreto ny fanontaniana napetraky ny mpanara-baovao sy ny mpandinika ny raharaham-pirenena sasany manao hoe: mba inona moa ny mari-pahaizan'ny filoha Andry Nirina Rajoelina? Tsy nahitambalina mazava izany fa ny asa aman-draharaha sy ny maha mpikarakara fandihizana "DJ" azy ihanyno hany mba nireharehan'ireotompo-menakelin y.Ilaina anefa ny hahalalan'ny vahoaka Malagasy iray manontolo ny mahakasika ny filoha hitondra azy mba tsy hinanany amam-bolony fotsiny .Ny any am-pita rehetra any dia ampahafantarina amin'ny an-tsipirihany ny mombamoba ny filohany ary misy mihitsy aza ny manakilasy ny filoham-pirenena manam-pahaizana indrindra sy ny tsy misy atokona ihany koa ka asa aiza ho aiza amin' izany ny antsika amin' izao fotoana izao.

***Rajaonarimpanontsana***

Fiainam-pirenena

# Tsy hanara-dia ny lalana nampisandratra ny hafa isika ?

Teboka iray hampitsiry fanantenana ny vahoaka Malagasy efa tsy mahita iantorahana intsony ve ny fahitany ny fihetsiketsehana be teny Mahamasina sy indrindra ny fahitany ilay fiara tsy laitram-bala raitra dia raitra no sady lafo vidy dia lafo vidy ? Fiara navoaka sy nampahafantarina tany amin'ny volana septambra tany ho any nandritra ny fivoriamben'ny Firenena Mikambana izy iny raha araka ny fampitam-baovao ary ny filoham-pirenena amerikana no nitondra azy. Volana vitsy aty aoriana anefa dia manana izany ihany koa fa tsy ambakan'ny firenena matanjaka sy manankarena indrindra maneran-tany ny filohan'ny repoblika ankehitriny. Midika ve izany, fa i Etazonia mihitsy no ifaninanana ao anatin'izao fitondrana izao? Ary ao anatin'ny dimy taona i Madagasikara dia hifanindran-dalana amin'ireo firenen-dehibe maneran-tany? Hisy ny fahagagana?

Ny fisandratana no nohirahiraina ho ventin'ny programan'i Andry Rajoelina. Asa aloha izay fomba nahareseny lahatra ny mpanohana azy tao anatin'izany sy indrindra ny firenena tany ivelany? Ny fisandratana dia fomba fampivoarana hita taratra tany amin' ireo firenena Aziatika maromaro sy Amerika atsimo iny. Tsy tao anatin'ny fotoana fohy no nahavitan'izy ireo nivoatra ara-toekarena fa aman-taonany vao ton-ga tamin'izay fisandratana izay izy ireo. Ny fahaizana nanentana ny vahoaka tao aminy izay niray hina fatratra no anisany lakile iray lehibe nahazoany ny fahombiazana. Teo rahateo ny fanomezana modely tsara nataon'ny mpitondra teo amin'ny seha-pihariana sy seha-pitantanana ny firenena. Izay no nampisy fifampitokisana teo amin'ny mpitondra sy ny entina ka nisy fandrosoana. Mazava loatra fa ny faminganana na fanapotehana ny mpiray firenena tsy mitovy he- vitra amin'ny mpitondra dia nohalavirina. Hanao ahoana ny ho fisehon' izany fihetsika hanatantarehana ny fandaharan' asany izany izay an- drasana hanomboka tsy ho ela? Hiaraha-mahita eo…

***Sõh'son***

Antsoatany- Antsirabe II

# Jiolahy namaky biraon'ny zandary maty voatifitra

Izany tokoa ny hoe teny ambaravaran'ny mpamosavy no nanokon-tsikidy satria dia maty vokatry ny tifitra nahazo azy ny jiolahy iray taoamin'ny kaominina Antsoantany distrikan'Antsirabe II tao, rehefa nanafika ny biraon' ny zandary tany an-toerana ka nifanenjehana tao an-tanàna izy sy ireo namany hafa. Raha ny fanazavana nomen' ny ben'ny tanànan'Antsoantany, Rtoa Ramanantenasoa nalitiana, dia nisesy be tokoa ny fanafihana sy ny vaky trano ary ny halatr'omby tao aloha tao. Ny talata lasa teo anefa, dia nisy namaky ihany koa ny biraon' ny zandary tao. Avy hatrany dia raikitra ny fisavana ary rehefa hitan'ny zandary ireo andian'olona nanao izany dia nifanenjehana satria avy hatrany dia nitsoaka izy ireo. Lehilahy iray no tena tsikaritr'ireompanenjika, ary rehefa tena nenjehana izy, izay nanao izay ho afany nitsoaka, dia nampitandrina azy ny mpitandro filaminana hijanonany. Voatery nampiasa ny fitaovany ny zandary, ary nitofitra azy. Voasambotra noho io tifitra nahazo azy io ilay tovolahy ary rehefa nentina nanaovana fanadihadi-ana, dia nitonona ireo namany hafa ihany koa. Tsy izay ihany anefa fa nohazavainy dahlo ireo asa ratsy efa nataony sy ny namany tao Antsoantany tao. Teo no nahafantarana, fa io tambazotran-jiolahy io no tompon'antoka manontolo tamin'ny fanafihana sy vaky trano ary halatr'omby joko tao Antsoatany nandritra izay volana maromaro izay. Noho'nny ratra nahazo azy,dia tsy tana ny ain' ilay jiolahy na dia nentina naonjy hopitaly iha-ny aza ny tenany.

***Lezama***

Nihotsahan'ny tany teny Tsimialonjafy

# Nalevina omaly izy 3 mianaka

Fihotsahan'ny tany teny Tsimialonjafy, Boriboritany faha-4, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), nalevina omaly teny Manandriana Avaradrano i Mendrika, Niantefa ary ny dadany: Haja Raberinjaharison. Niara-namoy ny ainy ny alin'ny sabotsy nandritra ny fihotsahan'ny tany teny Andohalo, Tsimialonjafy izy 3 mianaka. Tao an'efitrano fatoriana avokoa izy telo mianaka tamin'io fotoana io, ny dadany nandika ny enti-mody tamin'ny ordinatera, i Mendrika nihaino hira ary i Niantefa nilalao teo akaiky teo fa ny reniny, Salohy Randimbison, nanao sakafo tany an-dakozia. Nirefotra ny varatra, nisy nidoboka be dia izay, feon'i Niantefa niantso hoe : Neny o, dada o, izay sisa no henon'ny reniny izay tsy tonga saina ny amin'ny zava-nitranga. Varavarana no niaro azy ka nahaavotra azy, efa elaela izy vao tonga saina niantso vonjy tamin'ny havana fa hay teny an-tanany ny finday. Sady tototry ny trano, ranon-tany, vato no nisy may ny vatan'izy telo mianaka, mety vokatry ny fifampikasohan'ny tariby mitondra herinaratra hoy ny fijerin'ny olona nahita ny zava-nitranga. Hita ny sabotsy alina ihany ny vatan'izy mianadahy fa ny an'ny rainy dia ny alahady hariva vao hita. Potika ny trano sy ny entana tao anatiny, fiarakely filalaon'i Niantefa, ankanjo sy nounours an'i Mendrika, ankanjon'ny vadiny ary kahie an'izy mianadahy, ireo sisa no azo noraisina ho fahatsiarovana azy telo mianaka hoy ny vady sady reny, Salohy Randimbison. Tena tsy mora izao tranga nahazo ity ankohonana ity izao, ary tsy izy irery fa tokantrano efatra hafa, tahaka izay niseho tamin'ny herintaona, no niharan'ity fahoriana mangidy ity. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviana.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Mibaribary fa efa vita mialoha ny fifidianana

Mibaribary toy ny vay an-kandrina ary tsy takona afenina intsony ankehitriny, fa fandatsaham-bato fotsiny no nataontsika tamin'ny fifidianana filoham-pirenena farany teo. Ny antony ilazana izany sy entina manamarina izay fanehoan-kevitra izay dia tsotra ary tsy hitady lavitra isika. Ny fiara Blindée marika Cadillac Escalade raitra sy manara-penitra , voatokana, nitondra ny filoha Andry Rajoelina dia tsy hoe novidiana maika teny an-tsena tany ivelany, fa efa nomanina mialohan'ny fifidianana . Volabe tsy toko tsy forohana ny vidiny ary efa nofandrihana mialoha fa tsy nalaina na novidiana teny an-tsenan'i Amerika akory, volana vitsivitsy mialoha no amandrihana an'izany ary tsy maintsy lasa ny vidiny, izay vao tong any fiara. Izay ny voalohany , ny faharoa dia nampametram-panontaniana ny maro ihany koa ny nahatongavan'ny naman-dRajoelina, dia ny filoha Frantsay teo aloha, Nicolas Sarkozy, izay filoham-pirenena Frantsay am-perin'asa nandritra ny fitondrana Tetezamiitatra 2009. Ekena fa naman-dRajoelina ny tenany, fa mitondra inona amin'ny vahoaka Malagasy moa ny fahatongavany teto. Betsaka ny alaim-panahy fa haka ny anjarany amin'izay ity filoha Frantsay naloan'ny vahoakany ity ary tsy tafaverina teo amin'ny fitondrany intsony, na dia nisisika mafy aza. Mbola azo lazaina fa ambany vahohon'i La Frantsa isika ary mbola tsy mahaleotena ara-bakiteny. Dradradradraina fa nandany ny volam-bahoaka ny Fiaramanidina Air Force One tamin'ny fotoan'andron'ny filoha Marc Ravalomanana, fa mba hevero kely fa mitovy amin'ny vidina fiaramanidina Jet Privé iray anie ny vidin'ity fiara Cadillac Escalade manara-penitra ity e ! Hamafisintsika eto ry vahoaka Malagasy mpiray tanindrazana ary aoka hisokatra ny masom-panahintsika fa dia nentanina hifidy sy handatsa-bato fotsiny isika fa ny filoham-pirenena dia efa voatendry mialohan'ny fifidianana. Rajoelina arak'izany dia filoha tsy voafidim-bahoaka loatra, fa filoha nolanian'ny CENI sy ny HCC.

***Rajaonarimpanontsana***

Dis-TIM Antsirabe

# Fambolen-kazo ho fifampiarahabana tratry ny taona

Hiavaka ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra ho an'ny Tanora Tiako i Madagasikara na TIM Antsirabe sy ny DisTIM any an-toerana. Fa-mbolen-kazo no anisan' ny hanamarihan'izy ireo izany. Arak'izany naroso ho amin' ny androany alakamisy 24 janoary 2019 indray ilay fambolen-kazo sy fifampiarahabana tratra ny taona vaovao 2019, karakara-in'ny Distim any Antsirabe sy ireo ekipa rehe- tra. Hanomboka amin'ny 9 ora maraina ny lanonana, ka ny toerana dia eny akaikin'ny Ceg Ambilombe Mahafaly akaikin'ny Tiko. Handray anjara amin'izany ny vahoaka rehetra tsy ankanavaka, indrindra ireo mpomba ny filoha Marc Ravalomanana. Araka ny nambaran'ny tompon' andraikitra, hisy vahiny tsy ampoizina ho tonga, hisy ny nofon-kena mi-tam-pihavanana.

***Isambilo***



*Ny hetsiky ny TIM ny faran'ny taona teo tany Antsirabe.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Velirano : tsy rano ny vahoaka ka tsy ho hita fery raha velesina

Vita ny fianianana, nanao ny kabariny ny filohan'ny Repoblika IV, andiany faharoa, maro ny zavatra nanaovany velirano amin'ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo satria ray amandren'ny mponina dimy ambiroapolo tapitrisa izy manomboka eto. Efa voatendry ihany koa ny praiminisitra dia ilay natolotr'i Rajoelina Andry nanomana ny fifidianana izay ho filohan'ny Repoblika dia tsy iza fa i Ntsay Christian, lojika be izany satria tsy soloina ity nanao izay tratry ny herin-tsainy sy herim-batany ary herim-panahiny nampandaniana azy. Araka ny efa voalaza etsy ambony dia eo ireo velirano ka ny tena nanaitra dia ny nanampiana iray ny faritra roambiroapolo ka lasa teloambiroapolo ary governora no hitantana azy ireo fa tsy filohan'ny faritra ho fidim-bahoaka na fidin'ny mpifidy lehibe (grands électeurs) izay fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana. Ambonin'izany, ao anaty Lalàmpanorenana ihany, dia eo ireo faritany enina ka raha ny fitsinjaram-pahefana no jerena dia eo ambany fiadidian'izy ireo ny faritra ka inona izany no ho lehiben'ny faritany ? Raha ny marina dia tsy azo atao kopisoroka ka hapetraka fotsiny amin'izao izany governora izany fa tsy maintsy hanaovana fitsapankevi-bahoaka. Mety ho vitan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, angamba izany, araka ny namoahany lalàna miendrika politika in-droa miantoana ("pacte de responsabilité", "accord politique") momba ny fampijanonana ny filohan'ny Repoblika tamin'ny asany. Efa zatra nanao zavatra mifanohitra amin'ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna manan-kery moa Rajoelina Andry Nirina sy ny mpiaradia aminy ka mety mbola hamerina izany indray, indrindra fa amin'izao efa nahazo fahefana lazaina fa tamin'ny fomba "demokratika" nateraky ny fifidianana mangarahara sy madio. Toy ny tamin'ny harivan'ny 25 Janoary 2014 nanaovan-dRajaonarimampiany Hery fianianana dia nisy olona namoy ny ainy ihany koa ny alin'ny 19 Janoary 2019 taorian'ny an'i Rajoelina Andry. Fifandrifin-javatra ve ireo tranga roa ireo, ny maha-samy hafa azy fotsiny dia ny tamin'ny 2014 dia olombelona no nametraka ny grenady teo Anosy fa tamin'ity indray mitoraka ity dia loza azo lazaina fa voajanahary satria vokatry ny orana mikija. Ny itovizany indray dia samy nanodidina an'i Mahamasina ny tranga roa. Ny fampanantenana nation-dRajaonarimampianina Hery momba ny sosialim-bahoaka dia tsy nisy tanteraka: vao miasa nahery vaika ny asan-dahalo, nitombo an-dàlana ny fakana an-keriny, tsy nitsaha-nitombo ny vidim-piainana, nitotongana ny sandam-bola Ariary, tsy nety fohana ny fahatapahan-jiro (délestage),… Angamba saika hiandrasana ny taona 2030 vao ho tanteraka. Mbola sarotra ny hino fa ho tanterak'i Rajoelina Andry Nirina ao anatin'ny fotoana fohy , na dia ao anatin'ny dimy taona aza, ireo programa nofinofy (programme virtuel) nanaovany velirano tamin''ireo azo lazaina fa nino sy manantena izany. Ny akaiky indrindra di any nanambarany fa tsy hanafatra vary intsony i Madagasikara kanefa dia mifanohitra amin'izany sahady ny zava-misy satria efa miala any indray, hono, ny vary nafarana. Asa na tsy fahatakaran-javatra na tsy fahaizana maneho hevitra fa toy izany hatrany no nataon-dRajoelina Andry Nirina, porofon'izany ny momba ireo hopitaly manara-penitra izay nambarany tany am-boalohany fa tsy handoavam-bola ny fitsaboana any kanefa ny mifanohitra amin'izany ny zavatra iainan'izay manatona eny ary nilaza izy rehefa nanotanian'ny mpanao gazety fa tsy niteny izany. Ny tena nofy dia ny hametrahana "puce" amin'ny omby tsirairay. Ny fanontaniana mipetraka dia amin'ny fomba ahoana moa no hanarahin'ny tompon'omby ireo ombiny raha misy mangalatra, amin'ny alàlan'ny finday ve sa amin'ny alàlan'ny solosaina satria na eo aza ny "drone" dia sary ihany no azony hampitaina fa tsy afaka hampita ny "code"-n'ny "puce" isaky ny omby io fitaovana io. Mety ho mahomby kokoa, angamba, ny fampiasana angidimby sady efa nividy folo rahateo ny filohan'ny Repoblika IV vaovao araka ny nambarany tamin'ny fampielezan-kevitra. Na izany na tsy izany Rajoelina Andry Nirina efa mitaingina fiara raitra dia raitra ka asa raha mbola hahita ireo mpifidy azy mpitarika sarety sy monina eny amin'ny trano plastika ary anisan'ireo mahantra fadiranovana 92% manerana ny Nosy.

**Helisoa**

Betafo

# Olona tokony hanefa sazy any amponja hita mivarotra eny antsena

Makarakara ve ny fonja dia inona loatra no tena asan'ny mpiandry fonja ao e? Resabe tao Betafo renivohitra tao, ary nahasorena ny mponina ny mikasika ilay jiolahy izay voarohirohy sy nahatrarana entana halatra, izay mbola tokony hamita sazy 20 volana any am-ponja, kanefa dia efa tafavoaka sy hitan'ny rehetra mirehareha sy mivarotra eny antsenan'i Betafo ny alarobia lasa teo. Raha tsiahivina kely, dia nisy zaikaben'ny foangonana Flm Spam tany BEtafo ny faramparan'ny taona 2018 teo. Ny tena olana, dia tsy vitan'ny hoe io izy mandehandeha mivarotra fa mbola mirehaka sy manao vava amin'olona ihany fa tsy mahatazona azy ny fonja, ary porofo ny maha eo ampivarotana azy. Ny tena ahiana , dia ny sanatria ny hisian'ny fitsaram-bahoaka. Sorena noho io zava-mitranga io mantsy ny maro ao Betafo ao, ary efa mandeha io resaka io sy ny hoe rehefa tsy hisy hahatazona azy dia aleo hanaovanay azy indray. Raha tsahivina dia nisy fotoana nisesy ny vakitrano sy ny halatra nandritra izany ary lasibatra avokoa na ireo tompon-tanàna nandeha nivavaka sy namonjyizany fotoan-dehben'ny Flm izany, na ireo olona ahony maro izay nanofa trano satria avy any antoerankafa namonjy io zaikabe io. Nanao ny asany ny mpitandro filaminana ka nisy 2 voasambotra, ka ny iray dia efa mpamerin-keloka satria fa intelo nigadra. Tratra tamin'io indray anefa izy ary nahitana bisikileta maromaro sy vilany ary entana halatra maro tao aminy. Rehefa niakatra fitsarana dia io izy voaheloka 20 volana an-tranomaizina sazy mmihiatra io, Ny nahagaga, dia nafindra tany Betafo izy iray volana teo ho eo izay, raha tokony teto Antsirabe no nanefa ny saziny. Izy nafindra tany moa an'ny tompon'andraikitra izany, fa rehefa tany Betafo, dia akory ny hagagan'ny fianakaviana izay niharan'ny vaky trano sy ireo olona tao betafo fa io ilay rangahy tokony hanefa sazy fa mivarotra tsy amin'ahiahy eo antsenan'i Betafo. Nisy nampandre ny mpitandro filaminana, ary dia voatery nosamborina indray aloha ary haverina hatolotra ny fitsaran indray izy. Efa fantatra ihany rahateo ny zava-nitranga tao Betafo tao tamin'ity resaka fitsaram-bahoaka sy ny tariny ity, ka dia anairana ny tompon'andraikitra vakasik'itony raharaha itony.

***Lezama***

Kaominina Antsirabe

# Mitaky fanazavana amin'ny mpanatanteraka ny mpanolotsaina

Marisarisa indray ny fifandraisana sy ny fiarhamiasa eo ami'nny rafitra mpanantateraka tarihin' ny ben'ny tanànan'Antsirabe ambonivohitra Paul Razanakolona sy ny mpanolotsain'ny tanàna tarihin'i Dr Serge. Hatramin'n omaly alatsinainy mantsy dia tsy mbola ahitanamangirana izay ho fandehan'ny fandaniana ny tetibolan'ny kaominina hoan'ny taona 2019, izay tsara ho marihina fa efa tara be aza io. nAndritra ny fivoriana ara-potoana izay nataon'ireto mpanolotsai'nny tanàna ireto, izay ny 14 janoary teo izany no nifarana, dia fantatra raha ny loharanom-baovao fa nandeha ny ady hevitra teo amin'izy samy mpanolotsaina, nandeha ny tsikera, ary dia maro ireo mpanolotsaina no niaiky fa tsy mandeha ami'nny laonina io resapitantanana sy fandehan'ny fandaniam-bolan' ny fiadidiana ny tanànan' Antsirabe io. Vokany, dia nitaky fanazavana avy ami'nny mpanatanteraka tarihin'ny ben'ny tanàna aloha izy ireo vao hiresaka io tetibolan'ny taona 2019 io. Voalazan' ireto mpanolotsaian, izay tonga saina sy tsy tia kely ksoa aloha, fa ny tatitry nyfandaniana ny tetibola, izany hoe izay fomba nandanian'ny ben' ny tanàna sy ny ekipany nytetibola izay nolanian' ireto mpanolotsaian reto ho an'ny taona 2017-2018 aza tsy misy mazava sy araky nytokony ho izy ziany tatitra izany, ka dia mila sy mangataka fanazavana aloha izy ireo alohan'ny handinihana indray ny tetibolan'ny kaominina 2019. Raha tsorina izany, dia misedra ary raha tsy misy vahaolana haingana, dia hisedra olana ara-pitantanana goavana iokaominina antsirabe io, satria dia nametraka saisine na fangataham-panazavana amin'ny ben' ny tanàna sy ny mpiaramiasa aminy ny mpanolotsaina. Tsy sambany io fa efa nisy izanyteo aloha, ary efa nizotra hatramoin'ny latsabato amin' ny fampiatoana ny ben' ny tanàna ankehitriny izy tamin'izany. Rehefa nanontaniana moa ny loharanom-baovao mikasika ireo zavatra heverin'izyireo ho tsy mazava eo ami'nny fandaniam-bolan'ny kaomiinna dia tsy mbola nisy nanome fanazavana antsipirihany aloha, fa dia miandry izay daty homen'ny biraon'ny mponoltsaina ha-nomezan'ny mpantanateraka ireo fanazavana ireo.

***Solohery***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Farasoa R**


## TONONKALO

## RY VAVOLOMBELONA !

Ry vavolombelona feno finoana,
Meteza hijoro ka aza mangina ,
F'izao ilay lazaina ho tena fotoana
Natao hanehoana ny firaisankina.

Tsy miafina ilay ankolafy mpandrava,
Mampiasa ny heriny sy ny hafetseny.
Fotoanany izao hanehoana mazava,
Fa Jesoa ihany no ilay Kapiteny.

Tsy mila "firamaka" ny firenena.
Tsy mila an`ireny ny olona mino.
Ry vavolombelona o ! ny fanekena ,
Tandremo , tandremo fa sao dia adino.

Dia aza mba menatra ny haneho hatrany,
Fa vavolombelona marina ianao.
Hatreto ka hatrany amin`ny faran`ny tany,
Jesoa no hany Tompo ka dia ambarao.

***SEDERA RAVALISON (18-01-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny kaominina Antananarivo Renivohitra nitsapa alahelo ny fianakavian'ireo niaram-boina teny Tsimialonjafy Tsimbazaza.





Ny fanalana mpivarotra nataon'ny CUA teny amin'ny Petite vitesse sy teny Antaninarenina.





Ny fandrodanana trano nataon'ny fanjakana tany Soamahamanina.









## NY TENY FIAINANA

*Fiadanana anie ho an'ny rahalahy ary fitiavana mbamin'ny finoana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo.*

***Efesiana 6 :23***

facebook NY VALOSOA

# Miseho lany ny asan-dahalo any Mangamila Anjozorobe



**Hoby Randriamananjara :** alerte AMBAHONA Andrefan'i MANGAMILA Anjozorobe : DAHALO 20 lahy avec ARME MANAFIKA @ZAO ORA IZAO.

**RazzaAn Andria :** aiza ilay fiara be teo Mahamasina sa décoration fotsiny izy reny, tokony halefa haingana hanenjika izany dahalo izany.

**Rivo Rakoto :** fiara b aty @ ville ve rovina ko ho tonga any Mangamila.

**Tsioory Cedric :** mirongatr Saad iz zan a.... henjana.

**Hoby Randriamananjara :** fongan n omby eto @CR MANGAMILA raha izao no mitohy.

**Anselme Randresiarimanana :** tsisy ZP nga akaiky eo Hoby dia arahana mbola mazava zao.

**Nampy Kelli Jocker :** zao n ilana anle drone sy fiara blindée a!

**Hoby Randriamananjara :** ef las n Gdp manarak n fokonolona.

**Dame Pic Pingoinralijaky :** mba secours no tadiavin'l olona @zany attaque dahalo ho an z manana moyen hampandre ny mpitandro ny filaminana, fa ny an sasany mbola lany andro @ place lasan'olona. Ts miverina koa io ary ny dahalo efa nisy hatr@ zay fa ts vo androany, Ka hiandrasanao sy hapimenomenona anao @ zany fiara ts mbola ho tonga any izany. Raha Hendry ianao dia aide no entina ho an'ny mpiray tanindrazana.

**Tsing's Tanteraka :** KOZY V LE?! Hidio tsara ny trano , mivondrona amn toerana iray , aza mamono phone, fa atao vibre hifampitana vao2.

**Tsing's Tanteraka :** courage Mangamila, mila andrimasompokonolona ny vaha-olana amin'izany, mila manana telefona ny mpiambina ahafahana miantso haingana ny mpitandro filaminana.

**Mbolatiana Ny Nofy Andrianjafy :** ahoana izany rekany eh! Mila andrimasimokonolona manana fiarovan-tena izany dahalo mitam-piadiana izany.

**Hoby Randriamananjara :** omby roasina hody no nosakanany k lasan'ireo dahalo omby 1 vala sisa n ts lasa.

**Dame Pic Pingoinralijaky :** mampahery ireo niharam- boina mba ho latsaka soa amantsara izany omby lasan- dahalo izany.

**Edjisca Jess :** aiza le drone sy ilay fitaovana raitra manara-penitra mila ampiasaina amin'izany?

**Dame Pic Pingoinralijaky :** mijaly ny mponina ambanivohitra, mitaintaindava amin'ny asan-dahalo, tsy afamamokatra. Asa ho voavahan'ny filoha vaovao DJ, mpanongam-panjakana ve izany ?

**Edjisca Jess :** mila fandraisan'andraikitra haingan'ny fitondrana vaovao ity tsy fandriampahalemana ity, fa tena mijaly ny mponina ambanivohitra.

**Celestin Andriamamison :** tsy ny ambanivohitra ihany no mijaly amin'ny insécurité fa na ny an-drenivohitra koa aza. Mila vaha-olana haingana sy maharitra.

**Ny Ando Lalaina :** mapandre gendarmerie eo Andriampamaky haingan ooo!!

**Peno Manitra :** manjak izy zany, mila hampitomboina koa ny isan'ny mpitandro filaminana.

**Voni Arvel :** tena loza fa signale-o ny gendarme Andriampamaky re a !

**Nomena Ny Aina :** Grave b zany, Gendarme eo Andriampamaky na avy any Anjozorobe iny koa zay ahazoan ny iray reo d EF miampita2 ny hafatra.

**Mino Andriambelonjaka :** henjana ity tsy fandriampahalemana ity.

**Mika Raherinjato :** entiny mandositra any andrefana avaratra any zao reo @ iny faritra Ambodranomanga iny , mijaly le mponina eny anelanelan'io Sadabe sy RN3 io , ny teo aminay omby 26 no lasany de 1 nokapainy d Maty teny an-dalana mampalahelo.

**Rabe Rajoveloniaina :** ANY AMINDRAJOELINA NY FANALAHIDIN' IZANY TOMPKOLAHY SY TOMPOKOVAVYYYYYYYYY, Hihiiiiiiii!

**Lova Randrianantoanina :** mampahery anareo any, mila hampitomboina tokoa ny isan'ny mpitandro filaminana.

**Justin Pierre Ramanankatao:** mila hamafisina ny andrimasom-pokonolona dia omena fitaovana toy ny telefôna mba hahafahany miantso haingana ny zandary akaiky indrindra.

**Boniface Befeno:** efa tena eran'i Madagascar mihits insécurité ity, mila hampitomboina ny isan'ny zandary any ambanivohitra, ny polisy an-tanàn-dehibe.

**INFP Mahamasina**

# Nampahery sy nitondra fanampiana ho an'ireo traboina ny CUA

Razana 3 no mbola karohina tamin' ireo 18 nihotsahan' ny tany tesy amin'ny fokontany Tsarafaritra Tsimbazaza sy Tsimialonjafy ny Sabotsy hariva teo, nandritra ny ora-mikija tsy ankiato narahina varatra izay nahatonga ny loza. Ankizivavy kely 4 taona kosa no hit any fatiny afak'omaly. Miisa 86 kosa ireo olona tsimanan-kialofana sy voatery nafindra toerana, ka napetraka etsy amin'ny INFP Mahamasina. Tsy namela irery ireo traboina sy manamanjo ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izay notarihin' ny Ben'ny tanàna Lalao RAVALOMANANA, fa tonga nitsapa alahelo ny fianakaviana no sady nitondra ny solondrambon-dandy ho an'ny maty, nisy ihany koa fanampiana toy ny vary , menaka sy kojakoja andakozia maro natolotra ireo traboina. Nampanantena Ramatoa Ben' ny Tanàna, fa hisy ny fijerena akaiky ireto traboina ireto ara-tsosialy , nisy ihany koa toromarika nomena an'ireo tompon 'andraikitra hakana haingana ireo ranon-tany. Mbola maro ireo toerana tandindonin-doza sy ahiana mbola hihotsaka, misy ihany koa ireo mbola tsy nandao ny trano fonenany, ka anaovan'ny tompon'adraikitra dia ny eo anivon'ny Sampanana mpamonjy voinan'ny CUA etsy Tsaralalana Analakely fanentanana hatrany, hialan'izy ireo amin'ireny trano tandindonin-doza ireny, hisorohana ny loza.



*Fanampiana anisan'ny nomen'ny CUA ireo traboina nihotsahan'ny tany.*

***Helisoa***

**Petite Vitesse sy Antaninarenina**

# Nandamina ireo mpivarotra amoron-dalana ny CUA

Anisan'ny miteraka ny fitohanan'ny fifamoivoizana sy mandoto tanàna ireo mpivarotra amoron-dalana satria misy fotoana izy ireo milatsaka anaty arabe, indraindray ihany koa dia tsy manadio izy ireo alohan'ny ialany eo amin'ny toerana avy nivarotany, ka izay no mahatonga ny fako misavovona eny amin'ny arabe. Nanome toromarika ny Ben'ny Tanànan' Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana, amin'ny fandaminana ireo mpivarotra amoron-dalana ireo. Ny talata teo dia nanao izany asa fandaminana izany teny amin'ny faritra Petite Vitesse sy teny Antaninarenina ireo ekipa teknika avy ao amin' ny Boriboritany Voalohany. Araka ny nambaran'Andriamatoa RAKOTONIRINA Maminiaina "Chef de service technique" avy ao amin'ny Boriboritany Voalohany dia ezahana alamina sy entanina ireo mpivarotra mba hanaja ny fahadiovana mandra-pahita ny tena vahaolana maharitra ho azy ireo, kanefa na dia eo aza izany dia nisy ihany ireo tsy maintsy nesorina teny amin' ny toerana toy ny teny Antaninarenina. Araka ny voalazan'ity tompon' andraikitra ity hatrany dia efa misy ireo "piquetteur" izay mijanona eny an-toerana mba ho fitazonana ny filaminan'ny toerana. Tsy mijanona hatreo ny asa fandaminana sy fanatsaràna ny tanàna fa mbola hitohy hatrany.



*Ny fandaminana mpivarotra amoron-dalana nataon'ny CUA.*

***Serge***

**Gasycam any Cameroun**

# Niara-niombom-bavaka ho an'ny tanindrazana

Amin'izao fahazoana filoham-pirenena vaovao izao dia niara-niombom-bavaka ho an'ny tanindrazana sy ny mpitondra rehetra eto Madagasikara ny alahady teo, ireo mpiray tanindrazana mila ravinahitra any ampitandranomasina toy ny tany Cameroun, izay ahitana teratany Malagasy maromaro mivondrona amin'ny fikambanana antsoina hoe Gasycam, ahitana ireo mpianatra, mpitondra fivavahana, mpitsabo , manana asa miankina, na tsia amin' ny fanjakana ny sy maro hafa. Loha-hevitra nentina nandritra izao fotoambavaka narahina fihaonana izao ny hoe "Ao anatin'ny fiombonana no isian'ny firaisankina" ary fitondrana ambavaka ireo mpitondra, mba hitady hatrany ny tombontsoan'ny Malagasy rehetra tokoa anie no ho ao amin'izy ireo, ka hanala ny Malagasy izay ao anatin'ny fahantrana lalina. Tsy vao izao akory izy ireo no nanokana fihaonana ahafahana manao fiombonambavaka ho an'ny tanindrazana toy izao, fa saika isambolana ary manokana toerana iray izay miovaova ahafahana manatanteraka izany. Nitarika hatrany ny lamesa ny Pretra Rakotovao Samuel. Nandritra izao fotoana izao ihany koa no nifampiharaban'izy ireo amin'ny nahatratrarana ny taonana vaovao , nisy ny lanonana tsotra natao tamin'izany. Anisan'ny mpitarika ity fikambanana Gasycam ity Andriamatoa MAMY.

***Serge***

CUA

## Hitohy ny fanalana sy ny fandaminana mpivarotra amoron-dalana

Ny Fiadidiana ny tanànan'Antananarivo, na ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia mampahafantatra ny be sy ny maro, indrindra ireo izay mpampiasa lalana fa ny lalana dia natao ho an' ny fiarakodia, ny trottoir natao ho an'ny mpandeha an-tongotra , ny tsena dia natao ho an'ny mpivarotra, noho izany entanina ireo mpivarotra eny amorondalana indrindra ny eny amin'ny Araben'ny fahaleovantena sy ny manodidina



ny Lapan'ny Tanàna Analakely, mba samy hanaja ny lalàna napetraka satria tsy azo atao ihany koa ny mampiasa ireo fitaovana atosika misy kodiara. Hoesorina avokoa ireo mpivarotra amorondalana manodidina ny lapan'ny tanàna sy ny araben'ny fahaleovantena manomboka rahampitso alakamisy faha 24 janoary 2019 izao, natao izao ho fanajàna ny lalàna sy hisian'ny fahadiovana eto amin'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Hoesorina avokoa ny mpivarotra rehetra amin'ny endriny rehetra manodidina ny lapan'ny tanàna Analakely, satria ny Renivohitra dia fitaratra ho an'i Madagasikara, ary araka ny teny filamatra hoe : Antananarivo : soa iombonan'ny Malagasy.

***Isambilo***

Rado Ramparaoelina

## Hanorina tanàn-dehibe eny Ampitatafika

Tafiditra ao anatin'ny vinan'ny kaominina Ampitatafika distrikan'Antana- narivo atsimondrano ny lafiny foto-drafitr'asa goavana eny anivon'ny faritra amin'ity taona ity. Efa vonona ny mpama-tsy vola amin'ny fananganana tanàn-dehibe eny Ampitatafika ary efa vita ny pitsopitsony samihafa fa fanombohana sisa andrasana hoy ny ben'ny tanàna, Rado Ra-mparaoelina raha nitafa tamin'ny mpanao gazety. Miainga avy amin'izany mantsy ny fijoroan'ny tsena samihafa raha ny fanazavany hahafahan'ny kaominina mampitombo ny fidiram-bola bebe kokoa tsy toy ny teo aloha. Fanamby efa napetraka io raha ny fanazavany satria tao anatin'ny fitantanana in-droa miantaona ny kaominina Ampitatafika dia vita 100% avokoa ireo tetik'asan'ny kaominina tao anatin'ny taona vitsivitsy. An'isan' izany ny fananganana sekoly, ny làlana, ny fitaovana amin'ny fanadiovana, ny ady tamin'ny tsy fandrimpahalemana, ny sehatry ny fampidirana jiro , ny fanafainganana ny asa vita fotoana fohy eo anivon'ny kaominina sns... ary mbola ampitomboina ireo sisa tsy vita raha ny fanazavany ihany. Fomba fijery Anglofona no hitondranay ny kaominina hoy izy ary efa firenena maro no voatsidika ka nahitana ireo traik'efa sy fahaiza-manao samihafa izay netina teto Ampitatafika. Tafiditra tsara ao anatin'ny vinan'ny kaominina 2019 ity resaka fananganana tanàn-dehibe ity raha ny fanazavany satria efa ela ny mponina no niandry azy io. Tonga ity ny fotoana hoy izy ary tsy maintsy mandeha io satria fanamby efa napetaka ka tsy maintsy vitaina amin' izao fitantanana ny kaominina izao. Na izany aza nefa hoy izy, dia ny fahaiza-mitantana no voalohany raha te-hiova sy handroso mihoatra noho ny hafa isika.

***Rajo***

Vehivavy tratry ny fanainga lavitra

## Teny Mandrosoa Ivato vao sitrana

Talanjona ny ray amandrenin'ity tovovavy ity satria tsy ron-tsy ventiny amin'ny fitenenana dia nirifatra nivoaka ny trano fotsiny izao ity tovovavy ity. Vao 23 taona izy io ary mbola mpianatra amina sekolim-panjakana any Ambatondrazaka. Tsy vitan'izany hoy ny reniny fa raha vao mena-masoandro dia miteniteny anaran'olona ireny izy ary tehivoaka ny trano foa-na. Tao anatin'ny iray volana no nitranga ity tran- ga ity hoy ny reniny ary efa nanatona mpitsabo, mpimasy sns… fa tsy nahita fahasitranana mihitsy. Teo no tapa-kevitra ny renin'ity tovovavy ity fa hiakatra aty Antananarivo satria hitany tamin'ny gazety ny nomeraon'i Jessica 033 87 395 41 mpitsabo eny Mandrosoa Ivato. Zao no nambaran'ity mpitsabo ity vantany vao nihaona izy mianaka. Tra- try ny fanainga lavitra ny zanakareo hoy izy , tsara tarehy mihitsy mantsy izy io hoy ilay mpitsabo ka tsiriritin'ny olona nefa tsy mety manaiky azy. Sariaka nefa izy io hoy ilay mpitsabo ity saingy hentitra kosa rehefa manao zavatra ka tsy aritry ny olona. Nampitondrain'ity mpitsabo ity menaka manokana avy any Inde ilay ramatoa ary ahosory aminy aloha io hoy izy dia ento aty amiko izy avy eo. Niverina tany Ambatondrazaka ilay ramatoa ary vao vita ny fanosorany menaka azy dia nentina faingana aty Antananarivo izy ary tonga teny Mandrosoa Ivato. Nampisotroin'ity mpitsa-bo ity rano manokana ilay tovovavy ary mbola notroriny tamin'ilay menaka manokana ihany. Teo noho eo ihany dia vaky nitabataba ilay tovovavy ary anaran'olona iray izay no tsy afaka tao am-bavany. Nijanona teny Ivato aloha izy mianaka ary vao niverina afaka telo andro dia nilaza fa niova tanteraka ny fahasalaman'ilay tovovavy satria niditra fotsiny ny efitrano izy dia nitomany ary nilaza fa nisy namosavy tokoa. Sitrana izy hoy ity mpitsabo ity matoa niteny izany. Ento mody amin'izay izy hoy Jessica fa tsy miverina intsony io fa efa nahazo fiarovana tsara izy ary ho lefy tsy hipetraka eo an-tanàna izay nahavita ratsy azy.

***Namana***

SARIITATRA: Sady tora-bato no safo-drano e !





Tsy fandriampahalemana

## Omby 115 lasan'ny dahalo, niampy takalon'aina 3 mianaka

Nitrangana asan-dahalo ny marainan'ny talata lasa teo, tao amin'ny tanàna iray antsoina hoe Antsahabe, fokontany Dabozato, kaominina Isalo Disitrikan'i Miandrivazo. Omby miisa 115 nolasan' ireo dahalo tamin'izany, niampy takalon'aina olona 3 mianaka. Nisy avy hatrany ny fanarahan-dia nataon'ny miaramila ao amin'ny holafy faha-511 nandritra ny 3 andro, vokany: tafaverina soa amantsara izy telo mianaka niaraka tamin'ny omby 15 tamin'ireo 115 , dahalo 2 kosa no maty, mbola mitohy ny fanarahandia ataon'ny tafika sy ny fokonolona hamerenana ireo omby 100 mbola any ampelatanan'ny dahalo. Raha ny fantatra dia somary mananosarotra ny fanarahan-dia noho ny firotsaky ny orana, ka mampiakatra ireo rano sy mampalama ny lalana. Tao anatin'ny iray volana izao dia efa am-polony no nitrangana asan-dahalo ao anatin'ny distrikan'i Miandrivazo, soa fa misy ireo miaramila ao amin'ny holafy faha-511, izay manao ny ainy tsy ho zavatra, ka ahazoana vokatra avokoa hatreto ny asa fanarahan-dia ataon'izy ireo.

***Serge***



***Miaramila mpanao fanarahan-dia any amin'ny distrikan'i Miandrivazo.***

## Taratasin'ny mpamaky

Tantara kely ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Tsy nambaranao ahy Izy...

Nisy lehilahy hitan'ny olona nitomany dia nanontaniana ny nahazo azy, dia hoy izy : "Tsy mananjanaka afatsy iray aho, lahy tokana, nataoko daholo izay azoko natao azy, nampianariko izy ka nahazo ny diplômes : C.E.P E, B.E.P.C, BAC, LICENCE, MASTER, DOCTORAT, saingy indrisy, marary mafy izy ary tsy misy azo atao hamonjena azy intsony hoy ny mpitsabo fa ho faty tsy ho ela izy. Rehefa izany dia nasain'ilay zanako noentiko teo aminy avokoa ireo diplômesny, dia izao no hany teniny tamiko : "Dada, ireto rehetra ireto diplômes-ko daholo, nandany antapitrisany maro ianao hahazoako an'ireto, nefa tsy mba nasainao nianatra ny Baiboly aho, ka inona zany izao no holazaiko @ Andriamanitra?" Zao no hafatra : tsy ratsy akory ny tafita @ fiainana, fa izay no fanirian'ny olona rehetra. Fa mba efa nosaininao ve ny fiainana any ankoatra raha mino izany ianao? Ny fianarana ny Baiboly dia toy ny fianarana lesona rehefa handalo fanadinana. Aza adinoina ny anaran'Andriamanitra tahaka ny tsy hanadinoanao ny anaranao. Matahora an'Andriamanitra toy ny fatahoranao ny fahafatesana. Mivavaha, fa izay no làlana tokana mitondra any @ Fanjakan'ny lanitra. Ataovy ny fifadian-kanina araky ny voalazan'ny Baiboly. Manokàna fotoana ho an'Andriamanitra. Araho izay voalazan'ny tenin'Andriamanitra. Ho zarainao koa ve mba tsy hisy hilaza hoe : tsy nambaranao ahy Izy, tsy nasehonao ahy ny mazava, hitanao isan'andro aho, fantatrao ny momba ahy, nefa tsy nambaranao Jesoa. Hafa ihany ny fiainana mitoky amin'Andriamanitra sy ny teniny.

***Fabien Raharinirina***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**19/01/19 hatramin'ny 26/01/19**

- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/020 24 627 72
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 865-01-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MAHAJANGA**

# Nanadio ny bord ny Faritra sy ny Kaominina



Taorian'ny orana nikija nandritra ny telo andro tany Mahajanga dia nisy ny fiakaran'ny ranomasina. Nobatain'ny rivotra sy ny rano niakatra teny amin' ny arabe, araka izany ireo vatobe natao aroriaka ny sisin-dranomasina sy ny fasika teny amin'ny Bord de la mer. Efa nitsahatra ny orana ary efa mibaliaka ny masoandro arahina rivotra maivana any Boeny nanomboka omaly alarobia 23 Janoary. Ka mba hampiverina amin'ny laoniny ny hatsaran'ny Bord de la mer, toerana izay mampalaza ny tanànan'i Mahajanga io, dia tonga nanadio an'izany faritra izany vao maraina ireo tsara sitrapo: olontsotra, fikambanana, mpamonjy voina, mpiasam-panjakana sy ny tsy miankina, notarihin'ny Lehiben'ny faritra Boeny, Saïd Ahamad Jaffar sy ny Ben'ny tànanan'i Mahajanga, Mokhtar Salim Andriantomanga. Nampiasaina tamin'izany ireo fitaovana vaventy natolotry ny BNGRC ho ampiasaina aty amin'ny faritra amin'ny trangan-javatra toy izao. Nambaran'ny lehiben'ny Sampandraharaha fiaravona ny olona (Service de la Protection civile), izay sady mpiandraikitra ny BRGRC Boeny fa vokatr'iny ora-mikija nandalo telo andro iny dia efa nisy sahady ireo traboina. Raha ny antontan'isa vonjimaika nomeny dia olona maherin'ny 250 eo izy ireo. Araka ny vaovao farany dia tonga any Mahajanga omaly antoandro ny Praiminisitra Ntsay Christian, notronin'ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjarampahefana, nizaha ny mety ho fahavoazana nateraky ny orana sy nizara fanampiana ho an' ireo traboina ireo.

*Aly*

Alaotra Mangoro

# Hiaro ny ala ny injenieran'ny ala

Anisan'ny ezaka imasoan'ny Association des ingenieurs forestiers d'A-laotra Mangoro, na ny fikambanan'ny injeniera momba ny ala amin'ny faritra Alaotra Mangoro, ny fiarovana ireo hazo zanatany eto Madagasikaara, sy fanentanana ny daholobe mba samy hamboly hazo. Fantatra ireo nandritry ny fihaonana izay notanterahan' izy ireo tao Moramanga . Efa miha-simba ny ala amin'iny afritra iny, nahatonga ireo fikambanana injeniera ireto hiezaka hiaro ny tontolo iainana, indrindra ny ala izay efa manomboka ho samba amin'iny faritra Atsinanan'ny Nosy iny.

*Aly*

Miadanandriana, Ambohitrandriamanitra

# Nahazo tohana zana-trondro ireo tantsaha


Zava-dehibe ho an'ny tanstaha mpamboly sy mpiompy any amin'ny kaominina Miadanandriana sy Ambohitrandriamanitra distrikan'i Manjakandriana ny nahazoan'izy ireo zana-trondro avy amin'ny solombavam-bahoaka, Rakotonjatovo Anto Arilafa. Ny herinandro lasa teo mantsy no nozaraina ireo zana-trondro ireo mba hampiroboroboana ny sehatry ny fiompiana trondro eny anivon'ny faritra. Tafiditra tamin'ny fifampiarahabana noho ny taona vaovao ihany koa ity hetsika ity. Faly noho izany ireo tantsaha satria hampitombo ny vola miditra ho azy ireo afaka fotoana fohy ny fahazoan'izy ireo ity zana-trondro ity satria mbola malalaka tsara ny tsenan'ny trondro eto amintsika. Tsy ny trondro ihany raha ny hetahetan'izy ireo fa mila jerena ihany koa ny sehatry ny tanora, ny zokiolona ary ny vehivavy. An'isan'ny hetahetan'ireo vehivavy mantsy ny fanampiana azy ireo ao amin'ny sehatry ny asa tànana ohatra ka nanome toky ny solombavam-bahoaka fa hijery izay mety amin'ny sehatra samihafa eny anivon'iny ditrikan'i Manjakandriana iny. Mitohy ny hetsika hoy izy satria fanamby efa napetraka ny fampandrosoana ifotony hoy an'ny tantsha tsy ankanavaka.

*Rajo*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 267**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0266)

***Mitsivalana***
- Mandresy
- Anarana
- Lay – Ny
- An – Banga (Miv)
- Fay (Miv) – Aato
- Hay (Miv) – Ta (Miv)
- Alamino

***Mitsangana***
- Malaina
- Anana
- Nay – Fia
- Dr – Ma (Miv)
- Rangahy
- Enina
- Sa – Atao
- Toby (Miv)

## TENY MIFANARAKA N° 267




**Mitsivalana**

**1.** Fanenjehana atao **2.** Fanekena – Mandray **3.** Mpisolo tena – Ao anaty fery **4.** Faran-teny – Meva **5.** Fonenanareo 6. Sakoroka **7.** Biby fiompy **8.** Dada – Foto-tenin'ny Mandika **9.** Mpanondro – Tampisaka – Kilan'ny afo **10.** Tsena – Naoty

**Mitsangana**

**A.** Kianja hilalaovana – Efatra **B.** Lavitra tsy hita maso – Sakafo – Iray sy iray **D.** Mandalina **E.** Hita amin'ny fery sy ratra – Renirano (Miv) **F.** Heloka – Feo miverina (Miv) – Fiandohan'ny atoandro **G.** Soa (Miv) – Lera (BR) **H.** Repoblika – Mampisafidy – Bibilava (Miv) **I.** Zanak'i Dada sy Mama – Mivazo (Miv) **J.** Noana – Firinga (Miv) K. Azo eo am-pelatanana (Miv – Aiza ?

### Valiny Teny mifanaraka 0266

**Mitsivalana**

1 Mitady - Rnm 2 . Adinareo 3. Ampio - Na 4. Voady 5. Aok(a) - Hono 6. Ainga - An 7. Af(o) - Sa - St 8. Tontosaina 9. An - Niato (Miv) 10. Voaray - Fa

**Mitsangana**

A. Mpanarato B. Fa D. Tapaka - Nao E. Ady - Antsy (Miv) F. Diavina G. Ny (Miv) - Soa H. Alahasaty I. RR - Do - Tia J. Nenina - Nif/y K. Moa - Ondana

Commune Urbaine d'Antananarivo

## FAMPAHAFANTARANA

«Antananarivo Renivohitra, soa iombonan'ny Malagasy»




# NY FIADIDIANA NY TANÀNAN'ANTANANARIVO DIA MAMPAHAFANTATRA FA :

## Noho ny fanamboaran-dalana dia Ho tapaka ireto lalana manaraka ireto ny Alarobia 16 janoary 2019 hatramin'ny Sabotsy 16 febroary 2019 :

**1- Lalana manomboka eo amin'ny RM1 (Andohan'Analakely) - Lalana Rabezavana (Ambodifilao) - Soarano (Firaisana voalohany)**

**Ireo fiara rehetra te hihazo ny lalana Rabezavana dia mandray avy hatrany ny lalana Andrianampoinimerina (Anelanelan'ny pavillon sy ny esplanade) na mandray ny araben'ny 26 jona 1960**

**2- Lalana Refotaka (Eo anelanelan'ny NAZA sy FUJIFILM)**

**Ireo fiara rehetra te hihazo iny lalana iny dia mandray avy hatrany ny lalana Réallon (Pompier Tsaralalana)**

**Ialana tsiny noho ny fanelingelenana**

www.facebook.com/Caerasera/